REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

## ALAROBIA 21 JOLAY 2021

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

### MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

**Nankatoavina ny tsy fandoavana haban-tseranana sy hetra na « exonération » amin'ny fampidirana fanindroany indray ireo fitaovana sy kojakoja samihafa entina hanamboarana ny trano fandidiana fo (Bloc de chirurgie cardiaque) eny amin'ny hopitaly Soavinandriana (CENHOSOA)**

Ny Filankevitry ny Minisitra natao ny 23 jona 2021 teo dia nanome alalana ny amin'ny tsy handoavana ny haban-tseranana sy ny hetra manokana amin'ny fampidirana voalohany fitaovana sy kojakoja samihafa entina hanamboarana trano fandidiana fo ( Bloc de chirurgie cardiaque) eny amin'ny hopitaly Soavinandriana (CENHOSOA). Nozaraina telo (03) izany fampidirana fitaovana sy kojakoja samihafa izany, ary efa an-dalana ny fampidirana faharoa, satria niainga ny 18 jona 2021 teo.

Araka izany, io fampidirana faharoa io dia tokony hamoahana naoty hafa ankoatran'ilay naoty nivoaka tamin'ny fampidirana voalohany satria samihafa ny lisitra sy ny fomba fitaterana ary ny faktioran' ireo entana .

## II- FANDANIANA DIDIM-PANJAKANA sy VOLAVOLAN-DALANA

**Noraisina ny didim-panjakana mikasika ny fampiantsoana fivoriana tsy ara-potoana ireo parlemantera manomboka ny 03 aogositra 2021 ho avy izao.**

Taorian'ny lanonana lehibe notontosaina androany maraina faha 21 jolay 2021 teto amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha, izay nanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa miisa efatra mitentina 490 tapitrisa dolara teo amin'ny fanjakana malagasy sy ny Banky Iraisam-pirenena dia ilaina ny fampiantsoana fivoriana tsy ara-potoana na « session extraordinaire » an'ireo parlemantera. Izany no hatao dia ahafahana manome fankatoavana ara-dalàna io fifanaraham-piaraha-miasa vao nosoniavina io sy ny fampiasana izany famatsiam-bola izany na « ratification de la convention ».

Raha tsiahivina dia toa izao manaraka izao ny mikasika ny hampiasana io famatsiam-bola vao azo io.

- 100 tapitrisa dolara hatokana hanamafisana ny tetikasa fividianana vaksiny hiarovana amin'ny Covid-19 sy hanamafisana ny sehatra ara-pahasalamana

- 150 tapitrisa kosa dia hatokana ho an'ireo tetikasa ara-toekarena « projet de transformation économique pour la croissance inclusive (PIC3) » ahafahana manarina io sehatra io taorian'ny krizy ara-pahasalamana

- 200 tapitrisa dolara no hatokana ho an'ny tetikasa maharitra mikasika ny fanamboaran-dalana eto Madagasikara ka lálana mitotaly 1200km no ho voakasik'izany

- Ary farany, 40 tapitrisa dolara, hatokana amin'ny tetikasa mikasika ny fambolena

Ezahina horaisina mandritra io fivoriana tsy ara-potoanan'ny parlemantera io ihany koa ny fanapahan-kevitra mikasika ny « Fonds souverain »

## III- FANENDRENA

**PRIMATIORA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2018-1639 tamin'ny 05 desambra 2018 ary manendry ny **Colonel ANDRIANAMBININA Olivier** ho **« Directeur de la sécurité »** eo anivon'ny Primatiora.

**MINISITERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha-2020-526 tamin'ny 27 may 2020 ary manendry ny **Général de Brigade RAMASY RAZAFINDRATOVO Heritiana**, ho **« Coordonateur Général des Projets »** eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTIFIKA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an-dRamatoa **TSIAZONANGOLY Arielle Fanarine**, ho **« Directeur des Bourses Nationales et Extérieures »** eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-tsiantifika.

**Natao androany faha 21 jolay 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny serasera sy ny fifandraisana**
**Eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**